# Ny zava-mahamamo rehetra dia toaka, ary ny zava-mahamamo rehetra dia voarara, ary izay misotro toaka eto an-tany ka maty amin'ny fiankinan-doha amin'izany ary tsy nibebaka, dia tsy hisotro izany any ankoatra

Tatitra azo avy tamin'i Ibn Omar (R.A) : Niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Ny zava-mahamamo rehetra dia toaka, ary ny zava-mahamamo rehetra dia voarara, ary izay misotro toaka eto an-tany ka maty amin'ny fiankinan-doha amin'izany ary tsy nibebaka, dia tsy hisotro izany any ankoatra."
[Mari-pototra] [رواه مسلم وأخرج البخاري الجملة الأخيرة منه]

Nazavain'ny Mpaminany (S.A.W) mazava tsara fa izay rehetra manarona ny saina sy mamery azy dia toaka mahamamo, na zava-pisotro izany, na sakafo, na fohana, na hafa ankoatr'izany, ary izay rehetra mahamamo sy mamery saina dia noraran'i Allah sy nosakananany, na kely aminy na betsaka, Ary izay rehetra nisotro ireo karazana zava-mahamamo ireo ka nanohy nisotro izany ary tsy nibebaka mandra-pahafatiny; dia mendrika ny hahazo famaizan'I Allah izy, ka tsy hisotro izany ao amin'ny Paradisa.

https://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/58259